## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### Hitsivolana

### HITSIVOLANA LAHARANA FAHA-2001-003
**anaovana ny lalàna fehizoro mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana**

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Rahefa nohenoina ny filankevitry ny Minisitra tamin' ny fivoriany tamin' ny 6 novambra 2001,

Ary taorian' ny fanambaràn' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana izany araka ny fanapahana laharana faha-17-HCC/D3 tamin' ny 14 novambra 2001,

Dia mamoaka izao hitsivolana izao :

### LOHATENY VOALOHANY
### MOMBA NY OLONA ANISAN' NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALÀMPANORENANA SY NY SATA MIFEHY NY MPIKAMBANA AO AMINY

Andininy voalohany. – Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia misy mpikambana sivy ka ny faharetan' ny fepotoana iasany dia fito taona.

Ho fampiharana ny andininy faha-119 amin' ny Lalàmpanorenana, ny mpikambana telo dia tendren' ny Filohan' ny Repoblika, ny roa tendren' ny Antenimierampirenena, ny roa tendren' ny Antenimierandoholona ary ny roa fidin' ny Filankevitra ambony momba ny mpitsara; araka ny fahaizany momba ny lalàna no ifantenana azy ireo ary tsy maintsy manana fahazarana ampy amin' ny asan' ny mpitsara mikasika ny fitondram-panjakana sy fitsarana, na ny asan' ny mpisolovava na ny fampianarana ambony momba ny lalàna na ny fitondram-panjakana.

Ny fanendrena sy fifidianana dia amarinin' ny didim-panjakana avoakan' ny Filohan' ny Repoblika.

And. 2. – Misy filoha anankiray sy mpanolotsaina avo zokiolona iray ary mpanolotsaina avo fito ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Ny filoha dia tendrena amin' ny alàlan' ny didim-panjakana avoakan' ny Filohan' ny Repoblika.

Ravahana avy hatrany ny anaram-boninahitry ny mpanolotsaina avo zokiolona ny mpanolotsaina avo be taona indrindra. Manampy na misolo tena ny filoha izy, raha misy ilàna azy. Arakaraky ny taonany no filahatry ny Mpanolotsaina Avo eo amin' ny ambaratongam-piamboniany.

And. 3. – Ny mpiasam-panjakana sy ny mpitsara voatendry ho mpikambana ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia heverina ho toy ny nafindra hanao asa hafa ary mbola mitana ny tombontsoa mety ho azony ao amin' ny firaisan-draharaha nihaviany momba ny fisondrotana dingana sy kilasy ary laharana araka izay fombafomba manokana misy ao amin' izany niaviany izany ka tsy voasakan' ny fepetra rehetra mifanohitra amin' izany.

And. 4. – Ny andraikitry ny mpikambana ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy azo ampirafesina amin' ny :

- asan' ny mambra ao amin' ny Andrim-panjakana iray hafa;
- asa ao amin' ny Filankevitry ny Governorà ao amin' ny Faritany mizakatena iray;
- raharaha nahavoafidy eo anivon' ny vahoaka;
- fanaovana asa aman-draharaha andraisan-karama ary koa fisahanana asa rehetra eo anivon' ny antoko, fikambanana na fitambaran' antoko politika na eo anivon' ny sendikà.

Raha toa ny mpanolotsaina avo iray ka tafiditra ao anatin' ny iray amin' ireo asa tsy azo ampirafesina voalaza etsy ambony, ny fanekeny hanao ny asa vaovao dia mitarika ny famoizany ny asa na raharaha nosahaniny teo aloha.

## PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

### Ordonnance

### ORDONNANCE N° 2001-003
**portant loi organique relative à la Haute Cour Constitutionnelle**

Le Président de la République,

Vu la Constitution,

Le conseil de Ministres entendu en sa réunion à la date du 6 novembre 2001,

Et après déclaration de conformité à la Constitution par la Haute Cour Constitutionnelle suivant sa décision n° 17-HCC/D3 en date du 14 novembre 2001,

Ordonne :

### TITRE PREMIER
### DE LA COMPOSITION DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE ET DU STATUT DE SES MEMBRES

Article premier. – La Haute Cour Constitutionnelle est composée de neuf membres dont le mandat dure sept ans.

En application de l'article 119 de la Constitution, trois des membres sont nommés par le Président de la République, deux sont désignés par l'Assemblée nationale, deux par le Sénat et deux sont élus par le Conseil supérieur de la magistrature; ils sont choisis en raison de leur compétence juridique et doivent avoir une pratique suffisante de la magistrature de l'ordre administratif ou judiciaire, du barreau, de l'enseignement supérieur du droit ou de l'administration.

Les désignations et élections sont constatées par décret du Président de la République.

Art. 2. – La Haute Cour Constitutionnelle comprend un président, un haut conseiller doyen et sept hauts conseillers.

Le président est nommé par décret du Président de la République.

Le titre de haut conseiller doyen est conféré de droit au haut conseiller le plus âgé. Il seconde et supplée le président en cas de besoin. Les hauts conseillers prennent rang selon leur âge du point de vue de la préséance.

Art. 3. – Les fonctionnaires et magistrats nommés ou désignés membres de la Haute Cour Constitutionnelle sont placés, nonobstant toutes dispositions contraires, en position de détachement et continuent de bénéficier dans leurs corps d'origine des avancements en échelon, classe et grade, selon les modalités propres à leurs corps d'origine.

Art. 4. – Le mandat de membre de la Haute Cour Constitutionnelle est incompatible avec :

- celui de membre d'une autre Institution;
- une fonction du Conseil de Gouvernorat d'une Province autonome;
- tout mandat public électif;
- toute autre activité professionnelle rémunérée ainsi qu'avec toute activité au sein d'un parti ou organisation politique ou au sein d'un syndicat.

Lorsqu' un haut conseiller se trouve dans l'un des cas d'incompatibilité prévus ci-dessus, son acceptation des nouvelles fonctions emporte renonciation à ses précédents mandats ou fonctions.

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manapaka ihany koa ny momba ny fifanarahan' ny Lalàmpanorenana amin' ny :

– fifanekena, lalàna, hitsivolana, fifanarahana iraisam-paritany sy fitsipika mizaka-tena voalazan' ny Fahefana foibe mbamin' ny fitsipika an-tokantranon' ny Antenimiera roa tonta.

Izy no mitsara ny olana mikasika ny fahefana eo amin' ny :

– Andrimpanjakana roa na maromaro;

– Fanjakana sy ny Faritany mizaka tena iray na maromaro;

– Faritany mizaka tena roa na maromaro.

Izy no manara-maso raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna fehizoro :

– ny lalàna sata sy ny lalàna nolanian' ny Faritany mizaka tena;

– ny fitsipika anaty mifehy ny Filankevi-paritany.

And. 28. – Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mitsara ihany koa ny fiarovan-tena hilazana fa misy tsy fanajana ny Lalàmpanorenana nosinganin' ny mpiady eo anatrehan' ny ambaratongam-pitsarana rehetra.

ZANA-DOHATENY VOALOHANY

**Momba ny paik' ady arahina raha misy fifanolanana**

And. 29. – Raha misy anton-javatra ifanolanana, dia an-tsoratra indrindra indrindra no fomba arahina eo amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Na izany aza anefa, rehefa hakana mpisolovava ny raharaha, ka tompandre mialoha ny Fitsarana Avo izy io, dia azony atao ny fifanelabelarana am-bava amin' ny fotoam-pitsarana. Amin' izany ny mpanao ny fanamiany ny filohan' ny mpanolotsaina avo ary ny mpiraki-draharaha ary atao ampahibemaso ny fitsarana.

And. 30. – Fitoriana famakiana ady no enti-manolotra ny raharaha ho tapahin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ary raha ilaina, araka ireo fitsipika voadidy arahina ka soritan' ny rijan-teny manokana mifehy ny anton-javatra izay nampakaran' ady taminy.

And. 31. – Ny fitarainana, izay atao roa sosona, izay tsy andoavana sara momba ny hajia sy saram-panoratana, mba tsy ahafoana azy, dia tsy maintsy soniavina ary misy :

– ny anarana sy fanampin' anaran' ny mpitory;

– ny fonenany;

– ny taratasy milaza ny momba azy;

– ny anton' ny fangatahana;

– ny fitaovana sy ny tohan-kevitra voalaza.

Tsy maintsy ampiarahina amin' ny fitoriana ireo taratasy rehetra anaporofoana ny tohan-kevitra amaharana.

Mety ho taratasy notoavina na ara-panjakana, na tenin' ny mpavolombelona natao fanambarana an-tsoratra sy voasonian' ny mpavolombelona telo farafahakeliny ka manatrika ny fitrangan-javatra na ny zava-boalaza ho tsy ara-dalàna.

Masi-mandidy amin' ny fandanjalanjana ny herin' ireo taratasy naseho ho porofo ny Fitsarana Avo.

And. 32. – Ampahafantarin' ny mpiraki-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana amin' ireo voakasik' izany ny fitarainana.

Azon' ny andaniny sy ankilany atao ny manolotra fehinteny hiarovan-tena mandritra ny volana iray nampahafantarana azy ireo.

Manaraka izany dia manana fe-potoana dimy ambin' ny folo andro tsirairay avy ny roa tonta, ary ifandimbiasana, hamaliana ny fehinteny hiarovan-tena na ho setrin' izany.

Azon' ny filoha halavaina ireo fe-potoana voatondro eo ambony ireo rehefa misy fangatahana milaza ny antony ka nampahafantarina ny ankilany telo andro ahay mialoha ny hataperan' ny fe-potoana na ataony an-kitsirano izao raha toa ka misy anton-javatra manokana manery amin' izany.

Elle statue également sur la conformité à la Constitution :

– des traités, des lois, des ordonnances, des conventions interprovinciales et des règlements autonomes édictés par le pouvoir central ainsi que des règlements intérieurs des Assemblées parlementaires.

Elle règle les conflits de compétence entre :

– deux ou plusieurs Institutions de l'Etat;

– entre l'Etat et une ou plusieurs Provinces autonomes;

– entre deux ou plusieurs Provinces autonomes.

Elle contrôle la conformité à la Constitution et aux lois organiques :

– des lois statutaires et des lois adoptées par les Provinces autonomes;

– des règlements intérieurs des Conseils provinciaux.

Art. 28. – La Haute Cour Constitutionnelle connaît également des exceptions d'inconstitutionnalité soulevées par les parties devant les juridictions de tous ordres.

SOUS-TITRE PREMIER

**De la procédure contentieuse**

Art. 29. – En matière contentieuse, la procédure devant la Haute Cour Constitutionnelle est essentiellement écrite.

Toutefois, lorsqu' un avocat est constitué, celui-ci peut, s'il en informe à l'avance la Haute Cour, présenter à l'audience des observations orales. Dans ce cas, le président, les hauts conseillers et le greffier en chef se mettent en robe et l'audience est publique.

Art. 30. – La Haute Cour Constitutionnelle est saisie par requête introductive d'instance, et le cas échéant, selon les règles de procédure fixées par les textes particuliers régissant la matière dont elle est saisie.

Art. 31. – La requête, établie en double exemplaire, dispensée de tous frais de timbre et d'enregistrement, doit, à peine de nullité, être signée et comporter :

– les noms et prénoms du requérant;

– son domicile;

– les documents établissant sa qualité;

– l'objet de la demande;

– les moyens et arguments invoqués.

Toutes les pièces proposées au soutien des moyens doivent être annexés à la requête.

Elles peuvent être soit des documents authentiques ou officiels soit des témoignages sous forme de déclaration écrite et signée par au moins trois témoins présents lors des faits ou de l'irrégularité invoquée.

La Haute Cour apprécie souverainement la force probante des pièces produites.

Art. 32. – La requête est notifiée par le greffe de la Haute Cour Constitutionnelle aux parties concernées.

Les intéressés peuvent produire un mémoire en défense dans le mois de la notification.

Chacune des parties dispose ensuite, à tour de rôle, d'un délai de quinze jours pour répondre au mémoire en défense ou en réplique.

Les délais fixés ci-dessus peuvent être prorogés par le président soit au vu d'une requête motivée notifiée à la partie adverse trois jours au moins avant l'expiration du délai soit d'office si des circonstances exceptionnelles l'exigent.

maintsy mampiditra fangatahana any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izy, amin' ny alalan' ny fangatahana aorian' ny didy navoakan' ny fitsarana nampiato ny raharaha.

Atao sosony roa ny fangatahana izay apetraka ao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ao anatin' ny fe-potoana iray volana niantombohan' ny didim-pitsarana. Tsy mampiato ny didy anefa izany.

Azo raisina amin' ny fomba voadidy arahina ny fangatahana raha misy anton-javatra na taratasy fanamarinana iankinany ka mahamarim-pototra azy.

Amin' izany dia ampahafantarin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ao anatin' ny fe-potoana valo andro nametrahana azy ny Praiminisitra na manampahefana nandray ilay fanapahana nakarina eo amin' ny Fitsarana Avo.

Manana fe-potoana iray volana io manampahefana io haneho ny tohan-kevitra amaharany entiny handravana ny paika ifanolanana.

Ao anatin' ny fe-potoana valo andro miantomboka amin' ny vaninandro nametrahana izany tao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no ampahafantarina ny andaniny mpitory izany tohan-kevitra izany, izay manana fe-potoana iray volana miantomboka amin' ny andro fampahafantarana mba hamaliana izany.

Azo afohezina na halavaina ireo fe-potoana ireo raha misy fangatahana izany na koa avy hatrany ka fanapahana omban' antonantony raisin' ny filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no anaovana izany. Azony atao koa ny manome fe-potoana vaovao ka izany fomba izany ihany no arahina.

And. 40. – Avy amin' ny tatitra ataon' ny iray amin' ireo mpikambana notendren' ny filoha no amoahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fanapahana, ka tsy maintsy omban' ny antonantony.

Ampahafantarin' ny fiandraiketan-draharaha ny Praiminisitra na ny manampahefana izay nandray ilay fanapahana sy ny mpangataka ary ny fitsarana nanapongarana ny fanolanana.

Ny fepetra iray nambara fa tsy mifanaraka amin' ny Lalampanorenana dia mitsahatra avy hatrany ho tsy manan-kery ary tsy azo ampiharina.

ZANA-DOHATENY II

**Momba ny paik' ady tsy misy fifanolanana**

And. 41. – Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mitsara raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana ny lalàna fehizoro sy ny hitsivolana mialoha ny amoahana hampanan-kery azy, rehefa avy natolotry ny Filohan' ny Repoblika hodinihany.

Anjarany ihany koa ny manara-maso raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana ny fitsipika anaty mifehy ireo Antenimiera sy ireo Filankevi-paritany mialoha ny fampiharana aza. Ny filohan' ny Antenimiera na Filankevi-paritany voakasika izany koa no manolotra hodinihiny.

Ny lehiben' ny Andrimpanjakana na ny ampahefatry ny mpikambana ao amin' ny Antenimiera dia afaka manolotra ho dinihin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny lalàna tsotra mialoha ny hamoahana hampanan-kery azy na fitsipika manokana nataon' ny fahefam-pitondrana ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro manaraka ny famoahana azy.

Ny lehiben' ny Andrimpanjakana, ny ampahefatry ny mpikambana ao amin' ny Antenimiera na ny rantsana ao amin' ny Faritany mizaka tena dia afaka manolotra mba haraha-mason' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fifanarahana iraisan' ny Faritany mizaka tena sy ny rijan-teny manana endrika didy aman-dalàna na didy amam-pitsipika ary koa ny anton-javatra miankina amin' ny fahefany. Amin' izany, ny fampakaran-draharaha eo amin' ny Fitsarana Avo dia tsy mampihantona ny fampiharana ny raharaha.

concernant doit saisir la Haute Cour Constitutionnelle par requête, après la décision qui sursoit à statuer.

La requête est déposée, en double exemplaire, au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle dans le délai d'un mois à compter de la décision. Elle n'a pas d'effet suspensif.

Cette requête est recevable en la forme si elle est appuyée de faits ou titre lui donnant un fondement suffisant.

Dans ce cas, elle est notifiée dans un délai de huit jours par le greffe de la Haute Cour Constitutionnelle au Premier Ministre ou à l'autorité dont émane l'acte déféré.

Cette autorité dispose d'un délai d'un mois pour faire valoir les moyens tendant à faire rejeter l'exception.

Dans le délai de huit jours à compter de leur dépôt au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle, ces moyens sont notifiés à la partie requérante, qui dispose d'un délai d'un mois à compter de la notification pour y répondre.

Ces délais peuvent être abrégés ou prolongés sur requête ou d'office par décision motivée du président de la Haute Cour Constitutionnelle. Ce dernier peut, en la même forme, accorder de nouveaux délais.

Art. 40. – La décision de la Haute Cour Constitutionnelle, rendue sur le rapport d'un de ses membres désigné par le président, doit être motivée.

Elle est notifiée par le greffe au Premier Ministre ou à l'autorité dont émane l'acte déféré ainsi qu'à la partie requérante et à la juridiction devant laquelle l'exception a été soulevée.

Une disposition déclarée inconstitutionnelle cesse de plein droit d'être en vigueur et ne peut plus être appliquée.

SOUS-TITRE II

**De la procédure non contentieuse**

Art. 41. – La Haute Cour Constitutionnelle, saisie par le Président de la République, statue sur la conformité à la Constitution des lois organiques et des ordonnances avant leur promulgation.

Elle exerce également le contrôle de constitutionnalité des règlements intérieurs des Assemblées parlementaires et des Conseils provinciaux avant leur application. Elle est saisie par le président de l'Assemblée parlementaire ou du Conseil provincial concerné.

Tout chef d'Institution ou le quart des membres composant une Assemblée parlementaire peut soumettre au même contrôle de la Haute Cour Constitutionnelle une loi ordinaire avant sa promulgation ou un règlement autonome édicté par le pouvoir central dans les quinze jours qui suivent sa publication.

Un chef d'Institution, le quart des membres composant une Assemblée parlementaire ou un organe d'une Province autonome peut soumettre au même contrôle de la Haute Cour Constitutionnelle une convention interprovinciale et tout texte à valeur législative ou réglementaire ainsi que toutes matières relevant de sa compétence. Dans ce cas, la saisine de la Haute Cour ne suspend pas l'application de l'acte.

dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao ampahafantarina amin' ny alalan' ny fampielezam-peo sy ny televiziona na amin' ny alalan' ny peta-drindrina, ankoatra ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakana.*

Natao tao Antananarivo, ny 18 novambra 2001.
Didier RATSIRAKA.

---

## HITSIVOLANA LAHARANA FAHA-2001-004
**anaovana ny lalàna fehizoro mikasika ny Fitsarana tampony sy ny Fitsarana ao anatiny**

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Rahefa nohenoina ny filankevitry ny Minisitra tamin' ny fivoriana nataony ny 6 novambra 2001,

Ary taorian' ny fanambaran' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana izany araka ny fanapahana laharana faha-18-HCC/D3 tamin' ny 14 novambra 2001,

Dia mamoaka izao hitsivolana izao :

### LOHATENY VOALOHANY
### NY AMIN' NY FITSARANA TAMPONY
#### TOKO VOALOHANY
#### Fepetra ankapobe

Andininy voalohany. – Ny Fitsarana tampony, miandraikitra ny fanaraha-maso ny fampandehanana ara-dalàna ny antokom-pitsarana misahana ny ady madio sy ady heloka, ny misahana ady amin' ny Fanjakana ary ny misahana ny fanaraha-maso ny fitantanam-bolam-panjakana, dia manana ny foiben-toerany ao Antananarivo.

Ny fari-piadidiany dia mahasahana manontolo ny tanin' ny Repoblika.

And. 2. – Ny filoha voalohany sy ny Tonia mpampanoa ao amin' ny Fitsarana tampony no lehiben' izany ambaratongam-pitsarana ambony izany.

Amin' izany, ny filoha voalohany sy ny Tonia mpampanoa, araka ny tandrify azy avy, no mitarika sy mandrindra ary manara-maso ny asan' ny Fitsarana telo ao anatin' ny Fitsarana tampony ary koa miahy ny fampandehanana izany ara-dalàna; izy ireo, araka ireo fepetra ireo ihany, dia manam-pahefana amin' ny mpitsara sy ny ankapoben' ny mpandraharaha mpanatanteraka miasa any amin' ireny Fitsarana ireny.

And. 3. – Rahefa hitany fa ilaina izany dia afaka mitarika ny Fitsarana tampony na ny iray amin' ireo Rantsana ao amin' ny Fitsarana ny filona voalohany.

#### TOKO II
#### Fandaminana sy fomba fiasa

And. 4. – Ny Fitsarana tampony dia ahitana indrindra :
- fivoriambe;
- fikaonan-doha ataon' ny lehiben' ny Fitsarana;
- sampan-draharaha teknika.

#### Sokajy 1
#### *Ny Fivoriambe*

And. 5. – Ny Fitsarana tampony dia manao Fivoriambe araka ny fiantsoana ataon' ireo lehiben' ny Fitsarana farafaharatsiny ahay indray mandeha isaky ny telovolana.

Ny Fivoriambe dia ahitàna ny ankapoben' ny mpitsara ao amin' ny foibe sy ny fampanoavana miasa ao amin' ny Fitsarana telo mamorona ny Fitsarana tampony.

Hiarahan' ny lehiben' ny Fitsarana mitarika izany. Raha misy tsy maha-eo azy ireo, dia tarihin' izay ela nihetezana eo amin' ny laharana ambony indrindra amin' ny mpitsara tonga manatrika eo.

And. 6. – Ny Fivoriambe no mandinika ny raharaha rehetra mikasika ny fandaminana sy ny fampandehanana tsara ny Fitsarana amin' ny ankapoben' ny Fitsarana ary ny tribonaly manokana indrindra.

Izy no mifidy ny mpitsara ao amin' ny Fitsarana tampony izay hanan-toerana ao amin' ny Filankevitra ambony momba ny mpitsara.

Izy no mandany ny fitsipika anatiny ao amin' ny Fitsarana tampony.

une publication par émission radiodiffusée et télévisée ou par affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel.*

Fait à Antananarivo, le 18 novembre 2001.
Didier RATSIRAKA.

---

## ORDONNANCE N° 2001-004
**portant loi organique relative à la Cour suprême et aux Cours la composant**

Le Président de la République,

Vu la Constitution,

Le conseil des Ministres entendu en sa réunion à la date du 6 novembre 2001,

Et après la déclaration de conformité à la Constitution par la Haute Cour Constitutionnelle suivant sa décision n° 18-HCC/D3 en date du 14 novembre 2001,

Ordonne :

### TITRE PREMIER
### DE LA COUR SUPREME
#### CHAPITRE PREMIER
#### Dispositions générales

Article premier. – La Cour suprême, chargée de veiller au fonctionnement régulier des juridictions de l'ordre judiciaire, administratif et financier, siège à Antananarivo.

Son ressort s'étend sur toute l'étendue du territoire de la République.

Art. 2. – Le premier président et le Procureur général de la Cour suprême sont les chefs de cette haute juridiction.

A ce titre, le premier président et le Procureur général, chacun en ce qui le concerne, dirigent, coordonnent et contrôlent les activités des trois Cours composant la Cour suprême et veillant à leur fonctionnement régulier; ils ont, dans les mêmes conditions, autorité sur les magistrats et l'ensemble du personnel d'exécution en fonction auprès desdites Cours.

Art. 3. – Le premier président peut présider la Cour suprême ou une des Chambres des Cours quand il l'estime nécessaire.

#### CHAPITRE II
#### Organisation et fonctionnement

Art. 4. – La Cour suprême comprend notamment :
- une Assemblée générale;
- une conférence des chefs de Cour;
- des services techniques.

#### Section I
#### *L'Assemblée générale*

Art. 5. – La Cour suprême se réunit en Assemblée générale sur convocation de ses chefs de Cour au moins une fois par trimestre.

L'Assemblée générale est formée par l'ensemble des magistrats du siège et du parquet en fonction auprès des trois Cours composant la Cour suprême.

Elle est présidée conjointement par les chefs de Cour. En cas d'absence de ces derniers, elle est présidée par le plus ancien dans le grade le plus élevé des magistrats présents.

Art. 6. – L'Assemblée générale examine toutes les questions intéressant l'organisation et le bon fonctionnement de la justice en général, des Cours et tribunaux en particulier.

Elle élit les magistrats de la Cour suprême devant siéger au Conseil supérieur de la magistrature.

Elle approuve le règlement intérieur de la Cour suprême.